AMBOHIMIADANA 4

# TAOLAM-PATY TAPA-GONY NASITRIKA TAO ANATY KIRIHITR'ALA

MARINA IZANY ! 7

## RAIKITRA SAHADY !

AMBOARA U-19 2

## HITILIANA NY HANDRAFITRA NY BAREA COSAFA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7461 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 04 janoary 2023


Fantina 3

"CALCUL RÉNAL"

## AZO SITRANINA AMIN'NY RANON'OVY SY MANANASY

KITRA IRAISAM-PIRENENA 2



## HANAFIKA NY AC SAB NAM NY ROVERS MFC SEYCHELLES

MIHAMANAKAIKY NY FIFIDIANANA 7

# HIFANINANA HITAFA AMIN'NY VAHOAKA NY MPITONDRA SY NY MPANAO POLITIKA

MEN-DRH 3

## NITOKONA NY SENDIKAN'NY MPIASA

ANDRO RATSY - RIVODOZA 2022 3

# 212 IREO OLONA NAMOY NY AINY



(Sary tahiry)

# 460 000 KOSA NY TRABOINA

TOAMASINA 3

## OLONA MARO TSY MAHITA FIARA HODIANA ATY ANTANANARIVO

MIDI FLASH Hivoaka manomboka anio


Telma

AVEC MES POTES ET MA FAMILLE, JE PAPOTE À MINI PRIX !

NOUVEAU M'Ora TEAM

60 Min SMS Mo

vers tes 3 numéros FAF

1 000 Ar TTC Tape le #322*26#

Utilisable à toute heure

G CL 397/26-3

Kitra - Amboara U-19

# Hitiliana ny handrafitra ny Barea Cosafa

*Teknisianina 16 no hiparitaka manerana ireo "site" ireo, hanao ny fitiliana.*

Hotanterahina amin'ny 6 ka hatramin'ny 8 janoary izao ny dingana voalohany amin' ny fiadiana ny amboaran'ny seleksiôna rezionaly, ho an'ny latsaky ny 19 taona, taranja baolina kitra. Hanana solontena avokoa ireo ligimparitra 22, izay haparitaka anatin'ny "site" 8(Antalaha, Taolagnaro, Port Bergé, Ihosy, Manakara, Tsiroanomandidy, Antsirabe, Toamasina), ka ankoatra ny vondrona Antalaha sy Taolagnaro, izay ekipa roa ihany no ao, dia saika ahitana ekipa 3 avokoa ny vondrona hafa. Ireo ekipa 8 nahazo ny laharana voalohany isaky ny vondrona kosa no manohy ny dingana faharoa(25 febroary- 6 martsa). Hozaraina vondrona 2 misy ekipa 4 avy izy ireo, ka ny roa voalohany isaky ny vondrona no manao ny famaranana. Hitiliana ireo mpilalao handrafitra ny Barea hiatrika ny COSAFA 2023, ho an'ny latsaky ny 20 taona moa izy ity, sady hamerenana indray ny fifaninanana eny anivon'ny tanora. Nambaran'i Mario Rosario, filohan'ny vaomiera misahana ny baolina kitra ho an'ny tanora, eo anivon'ny FMF, fa tamin'ny 2022 no tokony natao izy ity, saingy nanoloana ny fameran'ny FIFA ny vola ampiasaina tao amin'ny federasiona dia tsy azo nirosoana ny fikarakarana ny hetsika raha tsy amin'izao. Nohamafisin'i Rado Rasoanaivo, Tale Teknika Nasionaly, fa samy mandahatra mpilalao 23 ny isaky ny faritra, ka hampidirina anatin'ny banky angona avokoa ny anarana. Ankoatra ireo mpilalao ao amin'ilay faritra, afaka mampiditra ankizy telo avy any ivelany izy ireny. Noho ny olana amin'ny fotodrafitrasa, nafindra any Port-Bergé ny "site" tokony natao tany Mahajanga, nahemotra amin'ny 13 hatramin'ny 15 janoary ihany koa ny dingana voalohany ho azy ireo, noho ny olan'ny avy any Melaky.

**Rabenaivo**

Sarimihetsika

# Alefa etsy amin'ny Cinepax ny tantaran'i Joe

Ny volana aprily 2022 no nivoaka tamin'ny fomba ofisialy ilay horonan-tsary malagasy, novokarina Malagasy mitondra ny lohateny hoe Joe. Ny "Canal Olympia" no nandefa azy voalohany tamin'izay. Nitety faritra maro teto Madagasikara i Joe taorian'izay, ary izao miverina eto Antananarivo izao indray. Ho an'ireo izay mbola te hamerina na tsy mbola nahita an'i Joe dia ny Cinepax etsy Ambodivona no handefa azy mandritra ity volana janoary ity. Tantara indray miseho maharitra 95 minitra eo izy io. Mampangitakitaka sy mampitaintaina ka tsy azon'ny ankizy latsaky ny 13 taona jerena. Natao amin'ny teny malagasy saingy misy dikanteny amin' ny teny frantsay eo aminy. Raha fintinina dia tantaran'ny raim-pianakaviana iray manan-janaka vavy voan'ny aretina tsy azo sitranina ity filma ity. Vonona ny hanao izay rehetra hamonjena ny ain'ny zanany izy, ka tafalatsaka tao anatin'ny fakam-panahy fa tsy nahita vahaolana toy ny mahazatra. Araka izany, voasarika ho amin'ny fihoaram-pefy miaraka amin'ny tovovavy roa hafa izy... Asehon'ity tantara ity ny halehiben'ny fahavononan' ny raim-pianakaviana iray hamonjy ny ain'ny zanany sy hanova ny fiainany. Teto Antananarivo ihany no nanodinana ny horonantsary. Zo Tahiana Hariminoson no nanoratra ny tantara sy nanatontosa azy. Tessa Ratovonar no nanao ny feon-kira, Arija Harijaona no mpanatontosa niaraka tamin'i Zo Tahiana Hariminoson sy Herizo Rabary, ary ny Watch' Entertainment Studio kosa no tranompamokarana. Ity farany ihany koa no tompon'andraikitra tamin'ny fifidianana ireo mpilalao tao anatin'ny horonantsary.

**Tiaray Rakoto**

Edson Arantes do Nascimento "Pelé"

# Nalevina ao amin'ny Memorial Necropole Eucumenica

Fasana miendrika trano lehibe "building", 600 metatra, misy efitrefitra ambony maro any amin'ny rihana faha-9 ny "Memorial Necropole Eucumenice" any Santos (Brésil), no nandevenana ny vatana mangatsiakan'i Edson Arantes do Nascimento na i Pelé, omaly. Miara-milevina aminy ao amin'ity fasana goavambe ity ny rahalahiny Jaïr Arantes do Nascimento, maty tamin'ny taona 2020, sy ny zanany vavy Sandra Arantes do Nascimento, maty tamin'ny 2006. Talohan' ny nandevenana azy dia niaretan-tory tao amin'ny kianja Vila Belmiro i Pelé ny alin'ny alatsinainy hifoha talata. Kianja nilalaovany sy nahatongampa azy ho



mpanjakan'ny baolina kitra eran-tany. Tonga niondrika nanomena voninahitra azy farany, toy ny vahoakany an'alinkisany, ny Filohampirenena brezilianina, tafaverina indray amin'ny toerany, Ingahy Luiz Inacio Lula da Silva, notronin'ny olo-manan-kaja maro, izay tsy teo amin'ny sehatry ny baolina kitra irery ihany. Ampahatsiahivina moa fa ny fianakaviany irery ihany no nanotrona ny fandevenana azy, notarihin'ny reniny Dona Celeste, 100 taona, sy ny vadiny Marica Aokji, nanambady azy nanomboka tamin'ny taona 2016. Nitaona ny sain'ny federasionina eran-tany, misy firenena mpikambana 211, ny Filohan'ny FIFA, Atoa Gianni Infantino, hampitondra ny anaran'i Pelé ny kianja iray ao aminy, ho fantatry ny taranaka mifandimby ny tantarany.

**aris rafaly**

Rivodoza

# Ho vitsy kokoa ireo handalo eto

Manomboka ny volana oktobra hatramin'ny volana aprily ny vanimpotoanan'ny rivodoza eto amintsika. Araka ny tombana navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro dia : *"Tamin'ny taondasa 2021-2022, nisy enina ny rivodoza nandaravarava teto amintsika. Amin'ity taom-pahavaratra ity kosa, ho vitsy kokoa izany. Na izany aza anefa, tsy tokony hatao tsinontsinona izany satria amin'ny maha loza voajanahary azy io dia azo antoka fa mety handravarava ny nosy iray manontolo izy na ihany koa ny mifanohitra amin'izay ny zavatra hiseho."* Ho amin'ity volana janoary ity, nilaza ny sampana mpamantantra ny mety ho toetry ny andro fa tsy misy ahiana aloha ato anatin'ny 15 andro voalohany saingy ny roa herinandro faharoa kosa no mety hisy rivodoza miforona hoy ny teknisianina raha feno ny fepetra amin'izany. Efa nisy efatra kosa izay ny rivodoza nandalo tao amin' ny faridranomasina atsimo andrefana fa tsy nisy niditra an-tanety kosa anefa na izany aza. Nosy marefo i Madagasikara eo anoloan' ny loza voajanahary ka tokony ho mailo foana ny rehetra, indrindra ireo monina amoron-dranomasina, ireo eny amin'ny faritra iva ary indrindra ireo mipetraka eny amin'ny la Haute noho ireo vato ahiana hihotsaka.

**Nath**

Kitram-behivavy iraisampirenena

# Hanafika ny AC SAB NAM ny Rovers M.F.C-n'i Seychelles



**Vonona tanteraka ny ekipan'ny AC SAB NAM, handavo ny mpifanandrina aminy.**

Neken'ny mpitantana ny ekipan'ny Rovers Mont Fleuri FC, mandray anjara amin'ny fifaninanana divizionina voalohany, avy atsy amin'ny nosy rahavavy Seychelles, ny fanasana nataon'ny mpitantana ny Athletic Club SABotsy NAMehana, tompondakan'ny Ligin'i Vakinankaratra, hanao lalao arapirahavaviana iraisampirenena aminy, eny amin'ny kianja Elgeco Plus By-Pass. Lalao mandroso sy miverina no hotanterahina amin'izany ka amin'ny zoma 27 janoary 2023 no hanaovana ny fihaonana voalohany, ary ny faharoa kosa dia hatao amin'ny alakamisy 12 janoary 2023. Noderain'Atoa Rado Rasoanaivo, Tale Tekinika Nasionaly, tokoa ny finiavan'Atoa Andriamosa Avotraina sy ny ekipany amin'izao fanafarana ekipa avy any ivelany izao, hifampitsapana fahaizana sy hifanakalozana traikefa, izay tena zava-dehibe tokoa amin'ny fampivoarana sy fampandrosoana ny baolina kitra eto amintsika. Ara-tantara tokoa mantsy dia sambany teo amin'ny tantaran'ny baolina kitram-behivavy no misy ekipa tokana manafatra ekipa avy any ivelany tahaka izao. Eny fa na dia teo amin'ny lehilahy aza, dia mbola tsy nisy nanafatra ekipa avy any ivelany toy izao. Saika mifantoka amin'ny ekipampirenena hatrany ny fanafarana ekipa avy any ivelany, hanaovana lalao ara-pirahalahiana iraisampirenena. Mikasika ny fihaonana eo amin'ny AC SAB NAM sy ny Rovers Mont Fleuri FC, dia nasian'ny tomponandraikitra vidim-pidirana ho zakan'ny fahefa-mividin'ny mpijery baolina (2000 Ariary). Soritana fa ny ekipa mpanasa avokoa no miantoka ny lany amin'ny fivahinianan'ireo " Seychelloises " sy ny mpiara-dia aminy eto amintsika.

*Havitsiana ny ekipa tokana, nanafatra vahiny avy any ivelany toy izao, nanaovana lalao ara-pirahavaviana.*

**aris rafaly**

Skaiz

# Miketrika hira vaovao indray

Ho avy tsy ho ela indray ny vazo vaovaon'i Skaiz. Toy ny efa mahazatra isan-taona dia ny faha 21 janoary andro nahaterahany foana i Skaiz no mamoaka hira vaovao hatolotra an'ireo mpankafy azy. Hiram-pitiavana be indray no efa omaniny any amin'izao. Izay aloha, hoy izy, no mbola ketrika amin'izao ary ho hita miandalana eo indray ny fandaharana amin'ny resaka fampisehoana. Manoloana ity fahatratrarana ny taona vaovao ity kosa dia tsy nanadino ny rehetra ihany koa izy ka dia nandefa ny firarintsoa:"*mirary ny soa sy ny tsara indrindra ho an'ny mpiray tanindrazana dia mba ho taona zina anie ity taona ity. Tongava amin'ny tanjona iriana dia hahomby amin' izay rehetra hokasaina. Samy hotahin' Andriamanitra daholo*".

**Tanya. R**

## Fizaram-bondrona

***Vondrona Antalaha***: Sava , Diana . ***Vondrona Port –Berger***: Boeny, Sofia, Melaky. ***Vondrona Tsiroanomandidy***: Bongolava, Itasy, Betsiboka. ***Vondrona Toamasina***: Analanjirofo, Atsinanana, Alaotra Mangoro. ***Vondrona Tolagnaro***: Androy, Anosy. ***Vondrona Ihosy***: Ihorombe, Atsimo Andrefana, Matsiatra Ambony. ***Vondrona Antsirabe***: Vakinankaratra, Menabe, Analamanga. ***Vondrona Manakara***: Vatovavy Fitovinany, Amoron'i Mania, Atsimo Atsinanana.

Loza voajanahary 2022

# 212 ireo olona namoy ny ainy, 460 000 kosa ny traboina

Anisan'ny mamono olona betsaka indrindra sy mandravarava ny loza voajanahary sy ny andro ratsy eto Madagasikara. Ho an'ny taona 2022 manokana, ain' olona 212 no fantatra fa nafoy ary tafakatra hatrany amin'ny 460 000 ny isan' ireo traboina vokatr'izany andro ratsy izany, araka ny tatitra navoakan'ny BNGRC. Manginy fotsiny ireo trano potika, fotodrafitrasa, tanimboly sy tanimbary ary ny fahaverezana biby fiompy. Nahatratra 6 ny isan'ny rivodoza sy ny faritra andro ratsy nandalo na niserana teto amintsika. Anisan'ny nandripaka indrindra ny rivodoza Batsirai izay namoizana olona 176 nandritra ny fandalovany teto ny faran'ny volona janoary sy fiandohan'ny volana febroary iny. Ilay andro ratsy Ana izay nandalo teto ihany koa dia namono olona 55 ary i Dumako izay nandalo tany amin'ny tapany atsinanan'ny Nosy iny nisy 14 ireo maty. I Emnati ihany koa namono olona 15, i Gombe 2 ary Jasmine 5. Ny 270 000 amin'ireo traboina ireo teraka taorian'ny fandalovan'i Batsirai sy Ana avokoa. Mikasika ny fotodrafitrasa kosa, na ireo azo lazaina fa mafy orina aza nahitana fahasimbana avokoa. 63 000 ny isn'ireo trano nitondra faisana tamin'iny taona 2022 iny. Ny 15 000 amin'ireo trano potika, 30 000 tratran'ny ranobe ary 18 000 nahitana fahasimbana. Maro ihany koa ireo sekoly sy fiangonana ary tobim-pahasalamana simba na lasan'ny rivotra ny tafo. Ao anatin'ny vanimpotoanan'ny fahavaratra tanteraka isika ary ho an'Antananarivo manokana, vao avy kely na 15 minitra fotsiny aza ny orana ka raha hita fa mafimafy ny rotsak' orana dia betsaka ireo faritra sy toerana tondradrano. Ny ankamaroan'ireo tanan-dehibe raha ny tena marina dia isehoan'ny tondra-drano avokoa rehefa betsaka ny orana, eny fa na ao anatin'ny fotoana vitsy monja aza.

**Nath**

Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena - DRH

# Mitokona tsy miasa ny sendikan'ny mpiasa

Nivoaka tamin'ny 14 desambra 2022 ny didim-panjakana mampitsahatra amin' ny asany ny lehiben'ny sampandraharaha misahana ny maha olona, na "chef de service" eo anivon'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena. Tsy manaiky izany fanesorana izany anefa ny sendikan'ny mpiasa ao amin'io sampandraharaha io ka mitaky ny hamerenana amin'ny toerany izany tomponandraikitra izany. Sendika izay voalazan'ny filoha lefitra Rakotomalala Diamondra fa efa nijoro aradalana nanomboka tamin'ny taon-dasa teo. *"Efa nisy ny filazana fampiatona asa natao ary tapitra ny 72 ora. Manambarana amin'ny tomponandraikitra isan-tsokajiny izahay fa nanomboka omaly ny fitokonana ary tsy miverina miasa izahay ireo raha tsy mivaha ny fitakiana rehetra. Mitaky ny fanafoanana ny didim-pitondrana ary mitaky ny hamerenana ny tomponandraikitra misahana ny maha olona izahay."* hoy izy nanazava. Efa nisy ny fanatonana ireo tomponandraikitra mahefa saingy tsy nisy vahaolana naroso hatreto. Amin'ny maha didim-pitondrana azy anefa, tsy azo foanana fotsiny amin'izao araka ny maha metimety ny tsirairay izany. Vokatr'izany rehetra izany, niroso tamin'ny fitokonana faobe ireo mpiasa ao amin'izany sampandraharaha misahana ny maha olona izany. Nambaran'ireo mpiasa fa na ny tomponandraikitra voalohany ao amin'izany sampandraharaha izany aza tsy mahita lesoka amin'ny fomba fiasan' ity tomponandraikitra noesorina ity. Andraikitra goavana tokoa moa no sahanin'ity sampandraharaha ity satria izy no mikirakira ny momba momba ny mpiasa rehetra, manomboka any amin' ny fandraisana mpiasampanjakana mandra-pisotro ronono.

**Nath**

Fantina

Ny vato voa

# Azo sitranina amin'ny ranon'ovy sy mananasy

Aretina anisan'ny mampiasa saina ny olona maro ny voan'ny vato voa, na "Calculs renaux ", izay tena andaniam-bola betsaka mihitsy eo amin'ny fitsaboana azy rehefa trany. Ho fisorohana an'izany dieny ety am-piandohan'ny aretina, rehefa voatilin'ny mpitsabo fa tratran'ny vato voa ny olona iray, dia azo atao ny mampiasa zavamaniry fanao sakafo toy ny ovy sy ny mananasy, ankoatra ny raokandro amin' ny fakan-tsilo telorirany sy ny ravin-kazo hafa, izay hain'ny mpivarotra tapakazo tsara ny manoro sy ny manazava ny fampiasana azy ireny. Etoana kosa isika dia ovy iray, tsy mivaky novoasana sy nosasana tsara, sy hasina mananasy iray no alaina dia potserina



amin'ny fitaovana mandeha amin'ny herinaratra, fanaovana "mixage" ireny, na totoina ho lasa ranomboankazo (jus) raha tsy manana "robot". Sotroina maraina, antoandro, hariva ilay ranom-boankazo azo avy amin'izany, ka ao anatin'ny telo andro misesy no hisotroana azy. Arahina fisotroana rano tsotra betsaka isan'andro, rehefa miasa mandritra ny minitra vitsy ny herin'ilay ranomboankazo. Entina mamantatra sy mitsapa fa nisinda ny vato dia atao ao anaty tavy (pot) ny ranonamany. Raha mbola ahitana vato misoritsoritra mamasipasika ny fanambanan'ilay tavy, dia tohizana hatrany ny fisotroana ny ranomboankazo avy amin'ireo akora ireo, mandra-pisindan'ny vato. Rehefa tsy misy intsony ny soritr'aretina dia tsara hatrany ny manatona mpitsabo, ahafantarany ny valin' ny fizaham-pahasalamana ataony. Anterina hatrany fa manoloana ny aretin'ny vato voa dia tsy misy tsara afatsy ny fanatonana ny mpitsabo, ahafantarana ny aretina mianjady amin'ny marary. Misy ny fanafody hiadiana amin'ny aretina fa fanampim-pitsabona ihany ny naroso tetoana ireo. Soritana kosa anefa fa tsara hofantarina ny fomba fiandohan'ny aretina, toy ny maloiloy – mandoa vorika – fahalemana ankapobeny – havizanana – fanaintainana amin'ny lamosina ambany – tsy ampy rano – fitempon'ny fo haingana.

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fotoana toy ny vola ka tsy azonao lanilaniana , tantano tsara mba haharitra ka ho lasa fitahiana.»
**Ny Vetso (04.03.14)**
(«Le temps est comme l'argent, n'en perdez pas et vous en aurez assez.» Pensée française)

Famoronan-karena avy amin'ny indostria

# Hampiakarina 25 isanjato ao anatin'ny harin-karena faobe

Nametraka fanamby goavana ho fampiroboroboana ny indostria ny fanjakana. Araka ny fanambarana nataon'ny teo anivon'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana dia hampiakarina 25 isanjato ny anjara biriky na famoronan-karena avy amin'ity sehatra ity ao anatin'ny harin-karena faobe mandra-pahatongan'ny taona 2028. Efa nisy orinasa 49 voalaza fa efa tafatsangana, izay sady manana fahazoan-dalana sy mijoro araka ny lalana. Hotohizana amin'ity taona ity koa ny fametrahana tetikasa fananganana indostria miisa 75, izay efa natomboka tamin'ny taon-dasa. Araka ny fanazavana nentin'ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana tamin'ny faramparan'ny taona 2022 dia efa vonona avokoa ireo fitaovana hoentina manangana ny antsasak'ireto tetikasa ireto, ary efa andalana ny fahatongavan'ireo fitaovana ambiny hoentina manatanteraka ireo tetikasa 35 ambiny. Raha ho an'ny tetikasa Taninketsa Indostrialy manokana, dia efa tafapetraka ny ozinina mpamokatra menaka avy amin'ny voanjo any Ambatofinandrahana sy Akadinondry Sakay. Efa notokanana tamin'ny volana jolay tamin'ny taon-dasa ny ozinina mpamokatra siramamy ao Antanamifafy, any Mahajanga II, ary efa nahavokatra siramamy 23 taonina ny ozinina faharoa mpanodina fary ho lasa siramamy ao Mahatalaky any Tolagnaro.

**R. Muray**

Toamasina

# Olona maro tsy mahita fiara hodiana aty Antananarivo

Misedra olana olana sy fahasahiranana amin'ny fahitana fiara hodiana ireo olona maro mpiala sasatra namonjy an'i Toamasina amin'izao fotoam-pialantsasatry ny Noely sy taombaovao 2023 izao. "Nanontany fiara aho mba hanao famandrihan-toerana nanomboka ny faran'ny taona teo fa tsy mahita toerana. Efa vita famandrihana avokoa ka tsy maintsy miandry fiara mety ho avy aty malalaka vao afaka hody any Antananarivo. Ny saran-dalana 35000Ar aloha tsy mbola niova fa ny fiara hodiana no olana", hoy Atoa Claude, izay izy miankavy araka ny nambarany no nisafidy hanao fety tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana ny krisimasy sy nitsenanana ny faran'ny taona teo taminay. Raha ny fanazavana tamin'ny kaoperativa mpitatitra dia "maro amin'ireo mpanjifa no efa nahavita famandrihantoerana hatry ny ela ka tsy maintsy ireo efa nanao izany aloha no afaka mandeha". Fianakaviana maro araka izany no very hevitra ny amin'ny tsy maintsy hodiana eto Antananarivo ka lasa tsy maintsy manao fandanianam-bola nihoatra noho izay efa nomanina. Etsy ankilany dia vitan'ireo taksibrosy ora 10 hatramin'ny adiny 12 eo ny miainga eto Iarivo raha ho any Toamasina. "Ratsy ny lalana amin'ity lalam-pirenena faharoa ity ka tsy afaka mandeha mafy izahay fa rehefa mba tsara izany dia manenjika ny fotoana very ", hoy kosa ny mpamily iray. Efa fotoampahavaratra ihany koa izao ka vao mainka sahirana amin'ny fijerena izay lavaka feno rano tsy lalina ny mpamily.

**Heriniaina A.**

**PETITES ANNONCES *Gazetiko***

**MIVIDY**

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-1)

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-1)

**COURS**

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 430/4-3)

**SERVICE**

* Vidange fosse & wc perdu & puisard, manao plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 429/6-6)

**VIDANGE**

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-4)

* Vidange fosse septique, puisard, wc gasy, wc perdu Makiplast. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 425/15-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 431/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 431/6-1)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 431/6-1)

Ambohimiadana

## Taolam-paty tapa-gony nasitrika tao anaty kirihitr'ala



Nalevina tao amin'ny fasam-bahiny ireo taolandrazana hita nisy nanafina teny Mahabo, distrikan'Ambohidratrimo, afak'omaly alatsinainy. Rehefa nisaina dia taolan-dava 66 ireto izy, ary araka ny voalazan'ny mpitsabo dia taolan'olona efa maty ela izy ireo fa tsy taolana vaovao. Mbola tsy fantatra izay tompon'ny taolana sy ny fasana nangalaran'ireo olon-dratsy izany. Olona sendra nandalo ihany koa no nahita ka nampandre ny mponina sy ny mpitandro ny filaminana.

**Tao amin'ny hadivory**

*"Vao maraina tokony tamin' ny 7 ora maraina izahay no naharay antso tamin'ny finday fa misy taom-paty anaty gony iray nafenin' -olon-tsy fantatra ao avaratanàna. Nidina avy hatrany teny an-toerana ny zandary hanao ny fizahana, izay niaraka tamin'ireo fokonolona sy ny miaramila ary ny lefitra faharoan'ny ben'ny tanàna, ny lehiben'ny fokontany sy ny avy ao amin'ny fahasalamana ao an-toerana. Araka ny fizahana dia tolan-dava tapa-gony ilay nisy nanitrika tao anaty kirihitr'ala tao amin'ny hadivory, sahabo ho 10 metatra ankavian-dalana mankany Anjanadoria. Tsy fantatra izay nitondra izany fa ny fanadihadiana no misokatra"* : hoy ny loharanombaovao azonay. Taorian' ny fizahana dia natolotra ny solontenan'ny kaominina sy ny fokontany ireo taolana ireo ka nalevina ao amin'ny fasam-bahiny ao an-toerana ihany.

**Ariel D.**

Soanierana Ivongo

## Tratra ny mpangalatra solika an'ny orinasa mpanao lalana

Mpangalatra solika gazoala avy amin'ny orinasa iray antsoina hoe "Sinohydro" izay manao ny asa fanamboaran-dalana "RN5" no tratran'ny zandarimaria ao amin'ny distrikan'i Soanierana Ivongo, ny harivan'ny 29 desambra lasa teo tokony tamin'ny 10 ora alina mahery. Solika 16 zerikanina izay mitotaly 250 litatra no sarona. Teo am-pamatrarana izany ireto mpangalatra no tratran'ny zandary. Ireo olona ireo dia mponina ao Soanierana Ivongo ihany saingy izay naniraka azy ireo no tsy mbola fantatra. Tsara homarihina fa ireo Sinoa mpanamboatra lalana no tompon'ny solika. Efa matetika ahenoana halatra gazoala misesy tao an-toerana ka izao vao nisy tratra ny tompon'antoka, hoy ny zandary ao Soanierana Ivongo.

**Fantiatoka**

Mbola nanamafy ihany koa ny solombavambahoakan'i Soanierana Ivongo fa miteraka fatiantoka ho an'iny faritra iny izao halatra izao satria mety hitarika ny tsy fahavitan'ny lalana hatao ny tranga toy izao. Ny Sinoa rahateo, hoy izy, tsy mahalala izay fantiatoka fa isika no mila manao ezaka amin' ny famongorana ny mpanao ratsy. Nilaza ihany koa ny depiote fa harahina maso akaiky ity raharaha ity mba hisorohana ny mety ho olona ambony mikasa hiaro an'ireto mpangalatra ireto. Hiakatra fitsarana izy roa lahy ireto aorian'ny famotorana ataon'ny zandary.

**Ariel D.**

Ambovombe

## Taolam-paty nisy nametraka teo amoron-dalana

Nahitana taolam-paty tao amin'ny tanàna antsoina hoe Maropia avaratra, any amin'ny kaominina Maroalimpoty, any amin'ny distrikan'Ambovombe, afakomaly tokony ho tamin'ny 5 ora maraina. Olona tany an-toerana no gaga raha nahita io taolam-paty io napetraka nanamorona ny lalampirenena faha-13 mampitohy an'Ambovombe sy Amboasary atsimo. Tsy fantatra araka izany izay olona nametraka ireo teo. Tsy mbola voafaritra ihany koa ny isan'ireo taolam-paty ireo sy izay mikasika azy ireo. Vantany vao nandre mikasika ny zava- nitranga ny zandary dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana ka tonga nanao fitsirihana tany ny lefitry ny komandin'ny tobim-paritra Maroalimainty mba hahafantarana izay fasana nisy namaky miaraka amin'ireo fokonolona any an-toerana. Mitohy ihany koa ny fikarohana rehetra mba hahatratrarana ny mpanao ratsy. Mitohy ny fanadihadiana.

**T.H**

### Tatsy sy taroa

***#Niarahaba an'Andriamatoa Jeneraly Rakotonirina Richard, Minisitry ny Fiarovam-pirenena tratry ny taona 2023 ny teto anivon'ny Minisitera, nandritra ny fanaganantsaina teto Ampahibe.*** Nitondra teny tamin'izany ny Amiraly Ranaivoseheno Antoine de Padoue, Sekretera Jeneralin'ny Minisitera, notronin'ireo tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny Etamazaoron'ireo Tafika izay notarihin'ny Jeneraly Sahivelo Monja Delphin, Lehiben'izy ireo ary ireo Tompon'andraikitra eo anivon'ireo Etamazaoro telo tonta. Nandritra ny lahateny nataon'Andriamatoa Minisitra no nanamafisany ny anjara andraikitra goavana andrasan'ny firenena amin' ny foloalindahy amin'ny fitandroana ny filaminana sy fanajana ny lalàm-panorenana amin'ny maha taona miavaka ity taona 2023 ity noho izy taom-pifidianana.

***# Tahaka ny fanao isantaona amin'ny taombaovao dia notanterahina ny alatsinainy teo ny lanonana fifampiarahabana sy ny firarian-tsoa ny Jeneraly Serge Gellé,*** Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria sy ny Jeneraly Andry Rakotondrazaka, Komandin'ny Zandarimariam-pirenena tamin' ny fahatrarana ny taona vaovao 2023. Ny jeneraly Christian Rakotobe, Mpandrindra ankapobeny ireo asa stratejika no nitondra ny tenin'ireo mpiara-miasa rehetra avy eto Antananarivo.

**Ariel D.**

Morondava

## 2 lahy voalaza fa mpangala-jaza saika matin'ny fitsaram-bahoaka

Roa lahy 27 taona sy 35 taona voarohirohy fa mpangalajaza no saika matin'ny fitsaram-bahoaka afakomaly tokony ho tamin'ny 7 oa hariva tany amin'ny fokontany Avaradrova, any Morondava. Efa naratran'ny fokonolona ry zalahy no tonga tany an-toerana ny polisy ary raha nisy kely foana aza dia saika nanaraka hatramin'ny ain'izy ireo mihitsy. Araka ny fanazavana azo dia nisy niantso antelefaonina ny polisy miasa ao amin'ny kaomisaria foibe Morondava mikasika ny fisian'ny lehilahy mampiahiahy izay tompon'antoka tamin'ny fangalaran-jaza tamin'io fotoana io. Vantany vao naheno izany ireo mpitandro filaminana ireo dia nandeha tany antoerana ary ireo lehilahy efa naratra no hitan'izy ireo. Tsy namelan'ny olona mantsy izy roa lahy fa rehefa tratran'izy ireo avy dia niharan'ny daroka sy ny vono ka naratra. Nandritra ny fikasihan-tanana azy roa lahy ireo mihitsy no tonga avy any ny polisy ka nahita ny zava-nitranga ary nisambotra azy ireo. Nentina notsaboina tany amin'ny hopitaly manara-penitra izy roa lahy taorian'izay ary rehefa nahazo fitsaboana sahaza azy avy dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy nanaovana famotorana. Nandritra ny fakana am-bavany nataon'ny polisy dia mbola tsy fantatra ny mombamomba ilay zaza voalaza fa very. Mitohy hatrany ny famotorana.

> *Efa naratran'ny fokonolona ry zalahy no tonga tany an-toerana ny polisy ary raha nisy kely foana aza dia saika nanaraka hatramin'ny ain'izy ireo mihitsy.*

**T.H**

Anivorano avaratra

## Lehilahy maty nitolona omby

Lehilahy iray no maty nitolona omby afakomaly, tany anatin'ny distrikan'Anivorano Avaratra. Teo am-pitolomana omby izy no voatrobaka tampoka ka naratra mafy. Nijininika izay tsy izy ny rà tamin'io. Nifamonjena haingana ny nitondrana azy namonjy hopitaly ary nanao izay ho afany tamin'ny fitsaboana azy ny mpitsabo, saingy tsy tana intsony ny ain-dralehilahy. Araka ny fantatra dia tsy vao sambany akory ny tenany no nitolona omby fa efa fanaony isan-taona izany. Mahazo vahana rahateo izany tolon'omby izany tao anatin'ny folo taona izay, hoy hatrany ny vaovao. Mandritra ny herinandro voalohan'ny volana janoary iny no misy izany tolon'omby any an-toerana izany. Ny andron'ny voalohan'ny janoary teo dia efa nitolona omby ralehilahy fa mbola tsy naninona. Dia io nitohy tamin'ny andro faharoa afakomaly io izany. Ny andro faharao rahateo no voalaza fa tena maresaka ary mahasarika olona maro. Tonga hijery izany tolon'omby izany mantsy ny avy amin'ny kaominina sy distrika hafa. Dia mbola nandray anjara tamin'izany ity lehilahy ity tamin'io andro io ka izao nitarika tamin'ny fahafatesany izao. Marihina fa namela mananon-tena sy kamboty iray ralehilahy. Fa tamin'io afakomaly io ihany dia nisy tolon'omby ihany koa tany amin'ny kaominina iray hafa tao anatin'ity distrika voalaza etsy ambony ity ihany fa nilamina tsara tsy nisy naratra na maty izany. Mbola nitohy any amin'ny fokontany madinika any an-toerana nanomboka omaly ihany koa ity tolon'omby ity, hoy hatrany ny fanazavana.

**T.H**

### Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Sarety*




## Hatsikana an-tsary

*Alaivo*




## Masoandro Miposaka

**Jaona 1 : 1**

1 Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza asesiky ny fitia tanteraka, ka tsy mahalala ny ranonorana ho avy.**

Ne soyez pas tellement emporté par votre amour que vous n'en voyiez pas la pluie venir.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2842

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 4 | | | | | 6 | | |
| | | 6 | | | | 2 | | 5 |
| | | 9 | | 1 | | | | 7 |
| 4 | | | | 8 | | | | |
| | | 8 | | | 2 | | | |
| 2 | 7 | | 5 | | | | | |
| | | | 7 | | | | | 6 |
| | | | 4 | | | | | 3 |
| | 2 | 3 | | | | | | 9 |

Valin'ny laharana 2841

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 8 | 3 | 4 | 1 | 2 | 6 | 7 | 9 |
| 6 | 2 | 7 | 3 | 9 | 5 | 1 | 8 | 4 |
| 4 | 1 | 9 | 6 | 8 | 7 | 2 | 3 | 5 |
| 2 | 3 | 6 | 7 | 5 | 9 | 4 | 1 | 8 |
| 7 | 4 | 8 | 1 | 2 | 3 | 5 | 9 | 6 |
| 9 | 5 | 1 | 8 | 4 | 6 | 7 | 2 | 3 |
| 1 | 9 | 2 | 5 | 3 | 4 | 8 | 6 | 7 |
| 3 | 6 | 4 | 2 | 7 | 8 | 9 | 5 | 1 |
| 8 | 7 | 5 | 9 | 6 | 1 | 3 | 4 | 2 |

Fifidianana 2023

# Hifaninana hitafa amin'ny vahoaka ny mpitondra sy ny mpanao politika

*Raha mbola misafotofoto tanteraka ny fanomanana ny fifidianana amin'izao fotoana izao dia tsikaritra ho mampiasa ny fomba rehetra hakany ny fon'ny vahoaka ny mpanao politika.*

Ao anatin'ny 11 volana sisa no fotoana hiomanana amin' ny fiatrehana ny fifidianana filoham-pirenena, raha toa ka hitazona ny teny nomeny ny eo anivon'ny fitondrana, ny amin'ny tsy maintsy hanaovana ny fifidianana amin'ity taona 2023 ity sy ny hanajany izay voafaritra ao amin'ny lalampanorenana. Tsy mbola misy mihitsy anefa hatreto ny antoka hahatanteraka marina izany fifidianana izany satria dia hita ho mbola misafotofoto mba tsy ilazana hoe mihisatra ny fanomanana. Na ny fifidianana hatao aza ity mbola hiadian-kevitra sy tsy fantatra ihany izay tena marina. Inona no hatao aloha, ny fifidianana Filoham-pirenena ihany sa hivadika ho ny fifidianana kaominaly? Ambonin'izany, dia mbola miteraka resabe hatrany ny fototra hanatanterahana ny fifidianana hatramin'ny androany satria tsy mitsahatra ny mitaky ny hanaovana fikaonandohampirenena hanovana ny lalàna mifehy izany ny eo anivon'ny fanoherana raha tsy rototra ny amin'izany ny mpitondra. Etsy andanin'izany, raha hanao jery todika ny tamin'ny taondasa isika dia efa raikitra aloha ny fampielezankevitra alohan'ny fotoana ary tena nisongadina nanao izany ny lehiben'ny Mpanohitra Marc Ravalomanana sy ny filoham-pirenena Andry Rajoelina ary ny Filohan'ny MMM Hajo Andrianainarivelo. Mazava ho azy fa miha henjana ny fifaninanana eo amin'ny mpanao politika mpilatsaka hofidiana ao anatin'izao fiomanana amin'ny fifidianana izao. Hifaninana hitety faritra sy hitafa mivantana amin'ny vahoaka izy ireo.

**Manana tombony**

Ho an'Ing. Marc Ravalomanana ohatra, efa nampahafantatra ity farany ny alatsinainy teo fa hovitainy amin'ity volana janoary ity ny fitetezana ireo renivohiparitra sy renivohi-paritany rehetra manerana an'i Madagasikara. Ka ankoatra ny fifampiarahabana nahatratra ny taona dia hanentana ny vahoaka hiditra anaty lisi-pifidianana ity lehiben'ny mpanohitra ity amin'izany. Dia hanomboka hihetsika ihany koa ny filoham-pirenena Andry Rajoelina. Afaka manatanteraka izany rahateo ity farany amin'ny maha filohan'ny Malagasy rehetra azy ary mety ho maro amin'ny olom-pirenena aza no tsy mbola nahita azy mivantana mihitsy nandritra izay efa-taona nitantanany ny firenena izay. Ny tsy azo lavina dia manana tombony ity farany amin'ny fitokanana ireo fotodrafitrasa sy zava-bita raha toa ka hijanona amin'ny fanaovana « bain de foule » fotsiny ny sasany. Tsy mbola voararan'ny lalana rahateo ny fanaovana fampielezankevitra alohan'ny fotoana ka mbola afaka manao ny ataony aloha ireo malaza ho kandidà.

Mamy R.

Marina izany !

## Raikitra sahady !

**Mbola ao anatin'ny fotoana hifampiarahabana sy hifampirariana soa noho ny fahatongavan'ny taona vaovao isika izao. Na izany eny anivon'ny fianakaviana na izany eny anivon'ny fiarahamonina ary indrindra eny anivon'ny fikambanana samihafa. Ho an'ireo antoko sy fikambanana politika anefa, tsy firarian-tsoa fotsiny ny vontoatin'ny kabary sy ny lahateny ifamaliana fa hararaotina izany hanehoana hevitra mikasika ny raharaham-pirenena. Indrindra indrindra manodidina ny fifidianana filoham-pirenena hatao amin'ity taona ity. Mahakasika io, toa efa raikitra sahady ny hazakazaka ho eny amin'ny lapam-panjakana Antaninarenina sy Iavoloha na dia mbola tsy mivoaka aza ny tetiandro hanaovana ny latsa-bato.**

**Miteny ho azy ny zava-misy. Niverina niseho vahoaka mba hanehoana firaisankina sy fanohanana ny heverina ho kandidà ireo mpanao politika somary tsy tazana tanatin'ny fotoana elaela. Nohararaotina ny fizarana fanampiana etsy sy eroa hanohanana ny tsara toerana hilatsaka ho filoha. Miseho izany rehetra izany eo ampiandrasana ny fitsipi-dalao sy ny tetiandrom-pifidianana avy amin'ny mpikarakara ny fifidianana. Hatreto ihany koa aloha, nilaza ireo antoko politika mijoro aradalana fa samy manana kandida hatolotra hofidiana ho filoham-pirenena izy ireo. Na izany ny avy amin'ny mpanohana ny fitondrana na izany avy amin'ny fanoherana. Eny na ny ivelan'ireo anankiroa ireo aza moa milaza fa sady manana ny hotohanana izy no manana olona hatolotra ho amin'izany hazakazaka izany. Raha izay ny hazakazaka eo amin'ny tontolo politika, tsy azo ihodivirana ihany koa ny hazakazaka amin'ny ady amin'ny fahantrana sy ny fahasahiranana samihafa. Toy ny hanalefahana sy hanafoanana ny delestazy, ny hifehezana ny vidim-bary sy ny an'ireo entana ilaina eo amin'ny fiainana andavanandro ! Ny an'ireto farany efa lasa aloha ny hazakazaka fa tsy niandry ny taona vaovao !**

Herivonjy RAJAONAH

Fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana

# Tafakatra 8 tapitrisa ireo mpifidy efa voasoratra anarana

Mizotra miandalana ny asa ataon'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny fifidianana na CENI, momba ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana. Araka ny fanazavan'ny Mpampakateny eo anivon'ny CENI, dia efa tafakatra 8 tapitrisa latsaka kely ny isan'ireo mpifidy tafiditra ao anaty lisitra amin'izao fotoana izao. Nohamafisiny fa eo amin'ny 59 isanjaton'ny tanjona no efa tratra ankehitriny. « *Hisy fivoarany io tarehimarika io rehefa miakatra avokoa ny vokatry ny fanisana rehetra any amin'ny tapatapak'ity volana ity*", hoy Andriamarotafika Soava raha nanazava. Fantatra fa distrika telo hatreto no ahitana taha ambany noho ny fahalavoran'ny toerana vokatry ny faharatsian'ny lalana. Raha tsiahivina, dia ny faran'ity volana janoary ity no hifarana ny asa ataon'ny CENI amin'ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana. Marihina fa ny volana marsa ho avy izao no hofaranana vonjimaika io lisitra io.

**Datim-pifidianana**

Fa ankoatra izany, nitondran'ity tomponandraikitry ny CENI ity fanazavana ihany koa ny mikasika ny datimpifidianana izay efa andrasan'ireo mpanao politika fatratra. Nambarany fa raha ny momba ny fifidianana Filoham-pirenena, dia vinavinaina ho eo anelanelan'ny 19 novambra raha aloha indrindra, ary ny 19 desambra izao raha tara indrindra no tokony hantanterahana io fifidianana io. Ny lalàmpanorenana ihany moa no mametra izany. Atsy ho atsy dia hifampidinika mahakasika ny datim-pifidianana sy tetiandro isan-tsokajiny ao anatin'izany ireo mpikamban'ny CENI.

JUDD



Hifarana amin'ny faran'ity volana ity ny fanisana mpifidy ataon'ny CENI.

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 866 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

**Korzety miaraka amin'ny fromazy**

Zavatra ilaina : ovy, korzety ary fromazy

Fomba fahandro azy : Karakaraina aloha ny ovy. Tetehina ary atao manify. Rehefa vita izay dia ahandroina amin'ny rano mahadifotra azy. Andrahoina ho masaka tsara. Eo am-piandrasana an'izany dia karakarao indray ny korzety. Ahandroina manokana ihany koa. Rehefa samy masaka dia potsehina miaraka ireo. Rehefa vita dia rarahana fromazy ary afangaro tsara avy eo. Azo asiana an'ireo karazan-java-maitso hanitra ary potsehina miaraka. Izy vao mafana iny no tena tsara.

Filohan'ny Antenimierandoholona

# "Efa mipaka isan-tokantrano ny fanatsarana ny fiainan'ny Malagasy"

Notanterahina omaly teny amin'ny Lapan'Anosikely ny fiarahabana sy firariana soa ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Herimanana Razafimahefa, noho ny fahatratrarana ny taona vaovao 2023. Nandritra ny lahateniny, nanana hafatra ho an'ny rehetra ity filohana Andrimpanjakana faharoa eto amin'ny firenena ity. Raha fintinina, nibahana tamin'ny fandraisam-pitenenany ny fiarovana ny zava-bitan'ny fitondram-panjakana tarihan'ny Filoha Andry Rajoelina. Notsipihany tamin'izany fa efa manao ny ezaka rehetra ho fanatsarana ny fiainan'ny vahoaka Malagasy ny fitondram-panjakana ary hita efa mipàka isan-tokantrano izany ezaka izany amin'izao fotoana izao. Manaraka izany, nanamafy ny Filohan'ny Antenimierandoholona omaly fa hiatrikia fifidianana maro ny firenena amin'ity taona ity ka tokony samy ho vonona amin'izany avokoa ny rehetra. « *Ho taonan'ny fandresena ity taona ity satria dia hiatrika fifidianana maro ny firenena* », hoy Ing. Herimanana Razafimahefa tamin'izany. Farany, nitaona ny rehetra hiala amin'ny toe-tsaina tsy mahay mankasitraka ny filohan'ny Antenimierandoholona.

Mamy R.

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Telma




Isika mandroso, isika mivoatra.
Mirary taona zina ho antsika
Malagasy rehetra.

#IsikaIray

ADN

MCL 8182/5-2